Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

BIRAO FOIBE
MPITANDRINA SYNODALY-FILOHAN'NY FPMA

Paris, 13 avril 2014

HAFATRA PASTORALY AVY AMIN'NY FILOHAN'NY FPMA NOHO NY PASKA 2014

Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'I Jesoa Kristy, Ilay Vavolombelona mahatoky, Ilay Zanaka Lahimatoa sady voalohany natsangana ho velona avy tamin'ny maty, ary Ilay Filohan'ny mpanjaka amin'ny tany.

Tsarovantsika mandrakariva mandritra ny Herinandro masina ny nijalian'ny Tompo mba hanatanterahana ny famonjena antsika. Misaotra an'Andriamanitra isika noho ny fandresena ankalazaina amin'ny Paska. « Eny, efa voavono i Kristy ilay Zanakondrin'ny Paska ho antsika: ka dia aoka isika hankalaza ny Paska tsy amin'ny mofo misy leviora tranainy, dia ny leviora manambara fitondrantena tsy valahara sy toe-dratsy; fa amin'ny mofo tsy misy leviora, dia ny mofo manambara fitondrantena madio sy toetra mahitsy. » *1 Korintiana 5, 7-8*

Ny teny hoe «FITAHIANA» («BÉNÉDICTION»)no natolotry ny FPF mba hiarahana mandinika amin'ity taona ity. Teny fandre sy mahazatra ny sofintsika izany, kanefa matetika toa tsy tsaroana ny hasarobidiny sy ny hevitra rehetra raketiny. Fa toa ampiasaina be fahatany manko izany teny izany, ary satria hita eo anivon'ny kolotsaina samihafa amin'ny fiaraha-monintsika olombelona, dia mila ho adinon'ny olona fa tsy isika olombelona no mitahy fa Andriamanitra. Fisandohana an'Andriamanitra ny manome "fitahiana" tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Izany no manery antsika ato amin'ny Fiangonana **mba hifototra amin'ny fiaraha-mandinika Soratra Masina, fandalinam-pinoana ary indrindra ny Fiainam-bavaka.** Aza adinoina Cellule de prières isan-tafo, sy ny fiarahantsika isaky ny Alarobia alina manomboka amin'ny 20.00 ka hatramin'ny 21.00.

Mampahatsiaro antsika koa izahay ny **Fandaharan'asan'ireo SAMPANA IRAISANA mikasa hanao ny Fihaonambeny tamin'ity taona ity (Sampana Tily, Sampana Antoko Mpihira, Sampana Vehivavy Kristiana, Sampana Zava-maneno, Sampana Fifohazana). Eo koa ny Fihaonana sy Fiofanan'ny Filoha sy ny Mpitahiry vola fanao isan-taona eto Paris, hatao amin'ny 21 Jona ho avy izao, ny fivoriamben'ny Sampana Tanora kristiana hatao any Bordeaux amin'ny volana Jolay, ary Fiofanana sy ny Fihaonamben'ny Mpitandrina ao amin'ny FMM amin'ny volana Mey sy amin'ny volana Jolay**.
«Noho izany ary, ataovy amin'ny olona izay rehetra tianareo hataon'ny olona aminareo; fa izany no vontoatin'ny lalanan'i Mosesy mbamin'ny fampianaran'ny mpaminany.» *Matio 7, 12*

Mirary Paska sambatra ho anareo rehetra ary mitsodrano anareo sy mametraka anareo ho eo ambany fitahian'Andriamanitra: « Andriamanitra dia efa nitondra an'i Jesoa Tompontsika hiala amin'ny fahafatesana, i Jesoa Tompontsika Izay Mpiandry lehibe miahy ny ondry noho ny ra nafoiny ho antoky ny Fanekempihavanana mandrakizay. Andriamanitra loharanon'ny fiadanana anie hahatonga anareo ho vonon-kanao ny asa soa rehetra mba hanatanterahanareo ny sitrapony; ka hataony ao anatintsika amin'ny alalan'i Jesoa Kristy anie izay sitrany. Ho an'i Jesoa Kristy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay! Amen. » *Hebreo 13, 20-21*

Ny Filohan'ny FPMA,

Rev. Dr Jean ANDRIAMAROHASINA RAVALITERA

Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05